



ANDRIAMANITRA MPAMONJY : MIFEHY SY MIBAIKO NY ZAVATRA REHETRA (Araka ny Eksodosy 14)

Fampidirana (Introduction)

Nampiseho zava-mahagaga tsy takatry ny sain'ny zanak'olombelona indray Andriamanitra teo amin'ny Zanak'Israely hanehoany fa Andriamanitra mahery Izy. Nampisaraka ny ranomasina ho 2 ka nahafahan'ny vahokany niampita izany ranomasina izany, tsy nila fiaramanidina, tsy nila sambo, fa niampita tamin'ny tany maina. Misy ireo mpikaroka, ary ny maro an'iza amin'ireny, dia ireo mpikaroka tsy kristiana, miezaka ny manazava fa tsy nisy izany fahagagana izany tamin'io fotoana niampitan'ny Zanak'Isrely ny ranomasina mena io. Tao anatin'ny 20 taona monja dia efa nisy fikarohana 4 milaza fa tsy fahagagana no nisy tamin'io fa "phénomène naturelle". Anankiray amin'ireo fikarohana ireo no manao izao fanazavana izao : Nisy rivatra mahery vaika, mitsoka 28m/seconde, izany hoe eo ho eo amin'ny 100km/heure. Io rivatra io izay nitsoka avy any atsinanana no nanosika ny ranomasina ka nahafahan'ny Zanak'Israely nandeha nandritra ny ora 4. Nandritra izay adin'ny 4 nampitsoka mafy ny rivatra izay ka nahavoatosika ny ranomasina no nanararaotra niampita ny Zanak'Israely. Rehefa nihena ny herin'ny rivatra dia niverina ny ranomasina. Nandritra izay fiverenan'ny ranomasina izay anefa dia efa tafita ny Zanak'Israely fa ny miaramilan'ny Farao no trattran'ny fiverenan'ny ranomasina tao. Ny tanjona tamin'izao fanazavan'ireto mpikaroka ireto izao dia ny filazana fa tsy nisy izany fahagagana nataon'Andriamanitra izany tamin'io fotoana io fa zava-nitranga ara-boajanahary fotsiny no nitranga teto, toy ireny hoe "marée basse/marée haute" ireny.

Ry havana, anio dia te hampianatra antsika ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ity Eksodosy 14 ity, ny amin'ilay Andriamanitra Mpamony : Mifehy sy mibaiko ny zavatra rehetra. Toy izao no drafitra hitondrana izao fampianarana fohy izao :

- 1) Ireo tsara ho fantatra (contexte)
- 2) Fanazavana (Interprétation)
- 3) Hafatra (Messages)

4) Fehiny (Résumé)

1) Ireo tsara ho fantatra (Contexte)

Tsara ny mampahatsiaro antsika fa ny bokin'y Eksodosy, dia boky mitantara ny nanafahan'Andriamanitra ny zanak'Israely, rehefa nandevozina tao Egypta nandritra ny 430 teo ho eo, teo ambany fitarihan'i Mosesy izay mpanoratra fototra (auteur principal) ny bokin'ny Eksodosy. Teo anelanelan'ny taonjato faha XVI sy faha XII talohan'i Jesoa Kristy no nanoratana izany bokin'ny Eksodosy izany (XVI^e-XII^e siècle av. J.-C.) Tsara ihany ny ahalalantsika fa tsy Eksodosy akory no anarana nomen'ny Jiosy na ahafantaran'ny Jiosy ity boky ity fa "Shemot" (שְׁמוֹת, izay midika hoe "les noms" na ireo anarana). Satria ny fanombohan'ny bokin'ny Eksodosy dia ny fitanisana ireo anaran'ny Zanak'Israely izay nidina tany Egypta : "Weelleh Shemot", « voici les noms » Ireo mpandika teny nandika ny Baiboly tamin'ny teny Hebreo havadika amin'ny teny grika no nifidy ny anarana hoe "Eksodosy", izay midika hoe "Fivoahana" (la sortie) na fivoahana an'i Egypta.

Manampy antsika amin'ny fanazavana koa ny fahafantarana fa mizara 3 miavaka tsara ny bokin'ny Eksodosy. Ny fizarana voalohany : 1- 15,21, izay mitantara ny fijalian'ny Zanak'Israely tao Egypta, ny niantsoan'Andriamanitra an'i Mosesy hanafaka azy ireo, ny fivoahana ny tany Egypta, ny dia tonga teo amin'ny ranomasina mena. Ny fizarana faharoa : 15,22 – 18 : Mitantara ireo zava-nitranga maro nandritra ny dia tany anefitra hamony ny Sinay, toy ny rano mangidy tao Mara, ny nanomezana ny mana sy ny papelika, ny fanombohana nitandremana ny Sabata, ny ady natao tamin'ny Amalekita, ny fahatongavan'i Jetro. Ny fizarana fahatelo farany : 19-40 : Fanokanana ny Zanak'Israely ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra tamin'ny nanomezana azy ireo ny didy folo sy ireo lalàna isankarazany. Mitantara ihany koa ny fahotan'ny zanak'Israely, toy ny fanamboarana ombalahy volamena hivavahana. Mazava ho azy fa ny Eksodosy 14 izay ianarantsika anio dia tafiditra ao amin'ny fizarana voalohany amin'ny bokin'y Eksodosy.

Manampy betsaka antsika amin'ny fahazoana ny tantara koa, ry havana, ny fijerentsika fohy izay nitranga eo amin'ny Eksodosy 13, 17-22. Rehefa namela ny Zanak'Israely handeha hiala ny tany Egypta i Farao, dia tsy nihazo ny lalana mandalo ny tanànan'i Filistina izay manitsy raha ho any amin'ny tany Kanana (Eo ho eo amin'ny 400 km) ry zareo. Hoy ny volaza eo amin'ny toko 13,17-18 : « *Ary rehefa nalefan'i Farao ny olona, dia tsy mba nentin'Andriamanitra tamin'ny lalana nankany amin'ny tanin'ny Filistina izy, na dia akaiky aza izany; fa hoy Andriamanitra: Andrao hanenina ny olona, raha mahita ady, ka hiverina any Egypta. Fa nentin'Andriamanitra nivily ho amin'ny lalana mahazo any anefitra amoron'ny Ranomasina Mena ny olona; ary voaomana hiady ny fiakatry ny Zanak'Israely avy tany amin'ny tany Egypta.* » Izany hoe, nentin'Andriamanitra nihodina nankany amin'ny taniefitra, mihazo ny ranomasina mena ny Zanak'Israely. Nentiny niaraka taminy ny taolambalon'i Josefa. Mitandahatra tahaka ireny miaralamila ireny ny fandehan'ny Zanak'Israely fa tsy mikorontana mandeha amin'izay tiany. Niaraka taminy Andriamanitra : Ny atoandro dia tamin'ny alalan'ny andry rahona, mitari-dalana azy ireo eo alohany. Ny alina kosa dia tamin'ny alalan'ny andry afo mba hanazava ny diany sady mitari-dalana azy ireo

mba ahafahan'izy ireo mandeha andro sy alina. Hoy ny voasoratra : « *Ary Jehovah nandeha teo alohany tamin'ny andri-rahona raha antoandro hitari-dalana azy, ary tamin'ny andri-afonony alina ho fahazavana ho azy, handehanany andro aman'alina. Ny andri-rahona tsy niala teo alohan'ny olona raha antoandro, na ny andri-afonony alina.* » (*Eksodosy 13:21-22*).

Tsara ihany koa ny ahafantarantsika, fa tao Gosena, faritany anankiray tao Egypta no nipetrahan'ny Jiosy. Avy tao ry zareo no niala raha hivoaka ny tany Egypta ho any amin'ny tany Kanana. Tany amin'ny taona 1250 talohan'i Jesoa Kristy tamin'ny andron'i Farao, antsoina hoe Ramses II no nitranga ny tantara. Teo ho eo amin'ny 600 000 teo ho ny lehilahy Jiosy fotsiny, niala tao Egypta /« *Dia niainga tao Ramesesa ny Zanak'Israely ka nankany Sokota, dia lehilahy mahalia lalana tokony ho enina hetsy, afa-tsy ny zaza amim-behivavy.* » (*Eksodosy 12:37*]. Raha isaina miaraka amin'ny zaza amam-behivavy izany dia mety mahatratra 2.000 000 eo ho eo ny Jiosy niala tao Egypta hamonjy ny tany Kanana. Mandeha an-tongotra andro sy alina. Na izany aza dia misy fotoana hijanonan'ny Zanak'Israely. Taorian'ny nialany tao Gosena, tao Egypta, dia in-telo nijanonana ny Zanak'Israely (3 campements). Tao Sokota no fijanonana voalohany araka ny voalazan'ny **Eksodosy 12,37** : « *Dia niainga tao Ramesesa ny Zanak'Israely ka nankany Sokota, dia lehilahy mahalia lalana tokony ho enina hetsy, afa-tsy ny zaza amim-behivavy.* » Tao Etama kosa ny fijanonana faharoa araka izay voalaza eo amin'ny **Eksodosy 13,20** : « *Dia nifindra niala tao Sokota izy ka nitoby tao Etama teo an-tsisin'ny* efitra. » Ary eto Pi-Hariota, akaikin'ny ranomasina mena no fijanonana fahatelo.

Araka izany, nialohan'ny fiampitana ny ranomasina mena, telo andro taorian'ny nialana tao Egypta, dia nijanonana izy ireo, fijanonana fahatelo hoy isika teo. Mijanona eo amin'ny toerana iray antsoina hoe PI-HARIOTA. Hoy ny voalaza eo amin'ny **and.2** : « *Lazao amin'ny Zanak'Israely mba hivily izy ka hitoby eo akaikin'i Pi-hahirota, eo anelanelan'i Migdolasy ny ranomasina; eo akaikin'i Bala-zefona, dia tandrifiny, no hitobianareo, eo amoron'ny ranomasina.* » (*Eksodosy 14:2*) Ny toerana Pi-Hariota itobian'ny Zanak'Israely izany eto dia eo anelanelan'ny Migdolasy (Migdol) sy ny ranomasina mena. 25 Km any avaratry ny Canal de Suez na Golf de Suez ankehitriny no misy io toerana io. Rehefa nasain'Andriamanitra nitoby eto amin'ity toerana antsoina hoe Pi-Hariota ity izany ny Zanak'Israely, dia tahaka izao ny manodidina azy ireo : Avy ato atsinanana (Est) ny ranomasina mena ; avy ato atsimo sy andrefana (Sud et Ouest), dia tendrombohitra mitomandavana sarotra haleha, tsy ho afaky ny zaza amam-behivavy mihitsy ; ary ny avy any avaratra, ny miaramilan'i Farao.

2) Fanazavana (Interprétation)

Toy izao raha fintinina ny tantara eto amin'ity Eksodosy 14 ity. Miresaka mivantana amin'i Mosesy Andriamanitra. Nasain'Andriamanitra nivily lalana ny Zanak'Israely ka hijanona mitoby ao Pi-Hahirota, akaikin'ny ranomasina mena. Hoy ny **and.2** : « *Lazao amin'ny Zanak'Israely mba hivily izy ka hitoby eo akaikin'i Pi-hahirota, eo anelanelan'i Migdolasy ny ranomasina; eo akaikin'i Bala-zefona, dia tandrifiny, no hitobianareo, eo amoron'ny ranomasina;* »

ranomasina. » (*Eksodosy 14:2*). Raha ny lalana mahazatra sy haingana raha ho any Kanana, dia ny lalana izay namboarin'ny rain'i Ramsès II, miatsinanana, mandalo ny tananan'ny Filisitina. Tsy tany anefa nasain'Andriamanitra naleha fa nasainy nivily niantsimo, nankany anefitra amoron-dranomasina. Ny tanjon'Andriamanitra tamin'izao fampiviliana lalana ny Zanak'Israely izao dia ny hamandrika an'i Farao. Amin'izay i Farao dia hihevitra fa diso lalana, azon'ny tamberin-tany ny Zanak'Israely. Hoy ny voalaza eo amin'ny **and.3** : « *Ary Farao hilaza ny Zanak'Israely hoe: Azon'ny tamberintany izy ka voahidin'ny efitra.* » (*Eksodosy 14:3*). Nambaran'Andriamanitra tamin'i Mosesy fa hanamafy ny fon'i Farao Izy, ka hanenjika indray ny Zanak'Israely ary amin'izay fotoana izay no hamelezan'Andriamanitra an'i Farao sy ny miaramilany rehetra. **Eto amin'ny and. 1-4 eto izany no hanambaran'Andriamanitra mazava ny planiny amin'i Mosesy**, izay tsy inona fa ny hamonjen'Andriamanitra ny Zanak'Israely sy ny handringanany ny fahavalony dia i Farao sy ny miaramilany.

Manomboka eo amin'ny and.5-9, dia mizotra tsara araka ny planin'Andriamanitra tokoa ny zavatra rehetra. Hoy voalaza eto : « *Ary nisy nanambara tamin'ny mpanjakan'i Egypta fa efa nandositra ny olona, dia niova ny fon'i Farao sy ny mpanompony ny amin'ny olona, ka hoy izy: Inona izao nataontsika izao, no nandefa ny Israely hiala tamin'ny fanompoany antsika isika?* » (*Eksodosy 14:5*). Nisy araka izany ireo olona tonga namendrofendro ny mpanjaka nanao hoe, maninona moa no navela handositra ny Jiosy. Tena tsy misaina mihitsy isika satria iza intsony no hanao ny asa fanompoana eto Egypta ? Inona izao hadalana nataontsika izao ? Nihamafy araka izany ny fon'i Farao, nilatsaka ny baiko : omano ny kalesy, ny soavaly, ny miaramila mpiady, vahoaka. Dia lasa nivoaka ny miaramila maro miaraka amin'ny fitaovam-piadiana harifomba tamin'izany fotoana izany hanenjika ny Zanak'Israely, izay noheverina fa diso lalana, voan'ny tamberin-tany.

Manomboka eo amin'ny and.10-12 dia mitantara ny fihetsem-pon'ireto Zanak'Israely ireo nahita ny miaramilan'i Farao tonga hanafika azy ireo : raiki-tahotra izy ireo, mitaraina sy mitady vonjy amin'Andriamanitra. Tsy izany ihany fa nanome tsiny an'i Mosesy nitondra azy ireo tany anefitra. Nanenina izy ireo fa naleony ihany nijanona andevo tany Egypta toy izay matin-tsabatra tany anefitra. Zanak'Israely tsy manana fanantenana intsony. Zanak'Israely tsy matoky ny herin'Andriamanitra intsony no hita eto.

Eo amin'ny and. 13-14, dia nampahery ny Zanak'Israely i Mosesy fa Jehovah no hiady ho azy ireo. Fa manomboka eo amin'ny and.15-30, dia manatanteraka ny planiny ny amin'ny famonjena ny Zanak'Israely Andriamanitra. Nanome baiko ny Zanak'Israely Andriamanitra mba handroso mankany amin'ny ranomasina mena. Nasain'Andriamanitra ningaina ny tehin'i Mosesy, nahinjitra tamonin'ny rano ny tanany. Nisaraka 2 ny ranomasina, ary nanjary nisy tany maina azon'ny Zanak'Israely nandehanana an-tongotra teo anelanelan'ny ranomasina mena. Namakivaky teo anelanelan'izany ranomasina nizara 2 izany ny olona 2 000 000 any ho any, lehilahy, vehivavy, lehibe, tanora, zaza, biby fiompy. Hoy ny voalaza eo amn'ny **and.22** : « *Dia nandeha teo afovoan'ny ranomasina nandia ny tany maina ny Zanak'Israely; ary ny rano dia tonga fefy ho azy teo amin'ny ankavanany sy teo amin'ny*

ankaviany. » (*Eksodosy 14:22*) Namafisin'Andriamanitra ny fon'ny Farao, ka nibaiko ny miaramilany izy hanaraka avy ato aoriana hanenjika ny Zanak'Israely mamakivavy eo anelanelan'ny ranomasina izay nizara 2. Nandritra ny alina no nitrangan'izany rehetra izany. Tokony tamin'ny 7 ora hariva na tamin'ny 8 ora hariva no nisaraka ny ranomasina ka nanomboka namakivaky ny ranomasina mena ny vahoaka Jiosy. Andriamanitra nitarika ny Zanak'Israely niampita ny ranomasina mena tamin'ny andry afo. Nataon'Andriamanitra nisavoritaka kosa, teny am-panenjehana ny Zanak'Israely, ny miaramila mpanenjika, nesorin'Andriamanitra ny kodiaran'ny kalesin-tsoavalys ka nampananosarotra ny fanenjehana. Rehefa tafita avokoa ny vahoaka, dia nanome baiko an'i Mosesy Andriamanitra mba hanijitra ny tanany eo ambony ranomasina hampikatona ny ranomasina. Hoy ny voalazan'ny **and. 27 :** « *Dia nahinjitr'i Mosesy teo ambonin'ny ranomasina ny tànany, ka nikatona ho tahaka ny teo ny ranomasina, rehefa nadiva ho maraina ny andro; ary ny Egyptiana nandositra, kanjo nitsena ny rano ihany izy, dia narian'i Jehovah teo afovoan'ny ranomasina ny Egyptiana.* » (*Eksodosy 14:27*). Tany ho any amin'ny 5 ora maraina na amin'ny 6 ora maraina tany ho any no nikatona indray ny ranomasina mena. Izany hoe adin'ny 9 na adin'ny 10 teo ho eo ny faharetan'ny fiampitan'ny Zanak'Israely ny ranomasina mena, nandritra ny alina. Tanteraka soa aman-tsara ny planin'Andriamanitra, araka izay nolazainy tamin'i Mosesy teo amin'ny and.1-4, dia tsy inona izany fa ny hamonjeny ny Zanak'Israely sy ny handringanany an'i Farao sy ny miaramilany.

3) Hafatra (Messages)

a) Mahery Andriamanitra

Raha ny marina dia tsy misy tena mahalaza ny herin'Andriamanitra. Tsy misy hery, na any an-danitra na ety an-tany, mahatohitra ny herin'Andriamanitra. Izany no mahatonga ny teny malagasy hampiasa ny teny hoe "Andriamanitra Tsitoha", izany hoe, tsy misy hery mahatohitra ilay Andriamanitra mpahary izao rehetra izao. Ny teny frantsay dia nampiasa ny teny hoe "Dieu omnipotent" na "Dieu tout puissant". Io ilay Andriamanitra manana hery tsy misy fetrany (La puissance de Dieu est infinie et illimitée). Ary tsy vitan'ny hoe tsy misy fetrany ny herin'Andriamanitra fa tsy takatry ny saina (inimaginable, impénétrable). Egypta no azo lazaina hoe "Première puissance mondiale" tamin'izany fotoana izany. Matanjaka aratafika, ara-toe-karena. Tsy nisy firenena nahatohitra izany Farao izany tamin'izany fotoana izany. Tsy vitan'ny hoe natahorana izany Farao izany fa tena andriamanitra nivavahana mihitsy. Iza no tsy nangovitra raha vao mandre fotsiny ny anaran'i Faraon'ny Egypta fahizay. Fantatr'i Mosesy tsara izany herin'i Farao izany. Izany no nahatonga an'i Mosesy hiteny hoe, raha nirahan'Andriamanitra hanafaka ny Zanak'Israely : « *Fa hoy Mosesy tamin'Andriamanitra: Iza moa aho no hankany amin'i Farao sy hitondra ny Zanak'Israely hivoaka avy any Egypta?* » (*Eksodosy 3:11*). Fa izany herin'i Mosesy sy ny miaramilany izany dia tsy nisy dikany teo anoloan'ny herin'Andriamanitra. Tahaka ny namono vitsika no namonoan'Andriamanitra an'i Farao sy ny miaramilany tao anaty ranomasina mena. Raha nanamafy ny fon'i Farao Andriamanitra ka namela an'i Farao sy ny

miaramilany hanenjika ireto Zanak'Israely izay tsy manana afa-tsy tana-polo ireto, dia haseho amin'ny vahoakany sy izao tontolo izao fa mahery Izy, ary tsy misy hery mahatohitra Azy na eto an-tany na any an-danitra. Izany no Andriamanitro, ry havako : Andriamanitra mahery, Andriamanitra manana ny hery tsy takatry ny saina. Tsy misy mahery tahaka Azy. Izany no nahatonga ny mpanao Salamo hiteny hoe : « *Jehovah, Andriamanity ny maro, ô, iza no mahery tahaka Anao, Jehovah?* » (*Salamo 89:8*). Mahery Andriamanitra ka azo antoka sy azo iantehlerana tsara.

b) Mamonjy Andriamanitra

Hoy isika teo hoe mahery Andriamanitra. Nefa izany herin'Andriamanitra izany dia tsy nataony anarana isalorana fotsiny ihany. Raha izany dia tahaka ny vilian-tsahona ihany Izy, malaza tsy ihananana. Fa ilay herin'Andriamanitra izay tsy misy mahatohitra azy dia nampiasainy nentiny namonjena ny Zanak'Israely. Namonjy ny Zanak'Israely tamin'ny fandringanana nokasain'i Farao hatao Andriamanitra. Raha ambara amin'ny fomba hafa dia izao : Nokasain'i Farao haverina any amin'ny fanandevozana any Egypta na haringana mihitsy ireto Zanak'Israely ireto. Fantatr'Andriamanitra tsara izany. Niditra an-tsehatra Izy Andriamanitra nanakana izany fikasana hamerina ho amin'ny fanandevozana sy ny fandringanana izany. Izay ilay famonjena nataon'Andriamanitra eto. Fa tamin'ny fomba ahoana no nentiny namonjy ny vahoakany eto ?

Te hampianatra ny vahoakany sahady Andriamanitra eto fa tsy Andriamanitra manafaka fotsiny izy (Dieu qui libère), nanafaka azy ireo tamin'ny fanandevozana tao Egypta, fa Andriamanitra mamonjy amin'ny fahavaloo koa. Tsy fampianarana "théorie" na am-bava fotsiny fa tena fampianarana "pratique" na tonga dia azo tsapain-tanana. Te hampianatra ny vahoakany amin'ny fomba azo tsapain-tanana sy hitan'ny maso mihitsy Andriamanitra eto hoe : tena mahavonjy azy ireo amin'ny fahavalony ve Andriamanitra ? Inona no fomba na "méthode" nampiasain'Andriamanitra nentiny nampita izany fampianarana izany ? Namafisiny ny fon'i Farao ka lasa niova hevitra indray. Nibaiko ny miaramilany handeha hanenjika ny Jiosy. Mba hahatonga an'i Farao hanenjika ny Zanak'Israely, dia tsy vitan'ny hoe namafisiny ny fony, fa nasainy nivily lalana ny Jiosy, araka ny efa nolazaina teo aloha. Tsy nampandehanina tamin'ny lalana manitsy fa nasaina niodina, somary niverin-dalana mihitsy aza, nankany amin'ny ranomasina mena. Amin'izay dia hihevitra i Farao fa diso lalana ireo ka andeha henjehina. Araka izany ny tanjon'Andriamanitra tamin'izao fampiviliana lalana ny Zanak'Israely sy fanamafisana ny fon'i Farao izao dia ny hahatonga an'i Farao hanenjika ny Jiosy. Tsy izany ihany, ny anton'izao fampiviliana lalana ny zanak'Israely izao, dia ny hametrahana ny Zanak'Israely amin'ny toerana sarotra. Pi-Hahirota, toerana maha tapi-dalan-kaleha ny zanak'Israely : aloha ranomasina, aoriania, Farao sy ny miaramilany, havia sy havanana, tendrombohitra sy taniefitra (désert). Toerana tsy ahafahan'ny Zanak'Israely mitsoaka, tsy ahafahany manao n'inona na'inona intsony fa dia miandry izay onjany sisa. Tamin'izao fampianarana tamin'ny fomba mivantana na pratika izao, dia napetrak'Andriamanitra ny fepetra (criteres) rehetra nahatsapan'ny Zanak'Israely fa mila famonjena izy. Iza no afaka hamonjy azy ? Dia niditra an-tsehatra tamin'ny fomba tsy

takatry ny saina Andriamanitra, nibaiko ny zava-boahary, nibaiko ny ranomasina hizara roa, ho tonga tany maina mba hamonjy ny Zanak'Israely. Dia voavonjy soa aman-tsara tamin'ny tanan'ny fahavalony ny Zanak'Israely, tsy ringana fa ny fahavalony no ringana. Tafita soa aman-tsara teny am-pitan'ny ranomasina mena. **Raha tsorina izany, ry havana, dia izao : Andriamanitra mihitsy no nitondra ny Zanak'Israely teo amin'ny ranomasina mena mba hampianarany azy mivantana izany atao hoe Andriamanitra mamonjy.** Azo inoana, ry havana, fa rehefa tonga teny am-pitan'ny ranomasina mena ny zanak'Israely, dia tafita ny lesona tian'Andriamanitra nampianarina azy ireo : MAMONJY ANDRIAMANITRA. Ary izany mihitsy no hira nataon'izy ireo rehefa tafita manao hoe : « *Ary Mosesy sy ny Zanak'Israely dia nihira izao fihirana izao ho an'i Jehovah ka nanao hæ: Hihira ho an'i Jehovah aho, fa avo indrindra Izy; ny soavaly sy ny mpitaingina azy efa nariany ao amin'ny ranomasina. Jehovah no heriko sy fiderako, fa efa famonjena ahy Izy; izao no Andriamanitro, ka hankalaza Azy aho, dia Andriamaniry ny razako, ka hanandratra Azy aho. Jehovah dia mpiady mahery, Jehovah no anarany.* » (Eksodosy 15:1-3) Tafita ny lesona faharoa ho an'ny Zanak'Israely, lesona nampitain'Andriamanitra tamin'ny fomba mivantana, niainana mihitsy : **Mamonjy Andriamanitra.**

Ry havana, raha mandalo zava-tsarotra ny fiainanao : olana isan-karazany, fanenjehana, fizaha-toetra mahamay, tahaka izay nanjo ny Zanak'Israely eto. Avelan'ny Tompo hitranga eo amin'ny fiainanao ireny mba ho entiny mampianatra mivantana anao fa mamonjy Andriamanitra. Raha tsy misy ny olana, ahoana no ahafantaranao fa mahay mamaha ny olanao Andriamanitra ? Raha tsy misy ny aretina, ahoana no ahafataranao fa mahay manasitrana Andriamanitra ? Raha tsy nisy ny fahafatsesana, ahoana no ahafantaranao fa mahay manangana amin'ny maty Andriamanitra. Raha tsy nisy ireny rehetra ireny, ahoana no ahafataranao fa mahay mamonjy anao amin'ireny Andriamanitra ? Raha tsy nisy Farao sy ny miaramilany nanenjika tato aoriany sy ny ranomasina mena eo anoloana, ahoana no ahafataran'ny Zanak'Israely fa mahavonjy Andriamanitra ary mahavita manasaraka ny ranomasina ? Narary i Lazarosy ary navelan'i Jesoa Kristy ho tonga hatramin'ny fahafatesany mihitsy aza, mba ho entiny mampianatra ny mpanara-dia azy fa hain'Andriamanitra na dia ny manangana ny maty aza. Ary izany no tian'i Jesoa hambara raha niteny Izy tamin'izany hoe : « *Ary rehefa ren'i Jesosy izany, dia hoy Izy: Tsy ho fahafatesana no anton'izany aretina izany, fa ny hampisehoana ny voninahitr'Andriamanitra, mba hankalazana ny Zanak'Andriamanitra.* » (Jaona 11:4). Raha mamela anao handalo zava-tsarotra Andriamanitra dia te hampianatra anao Izy fa hainy ny mamonjy anao amin'io zava-tsarotra lalovanao io satria MPAMONJY IZY. Na dia izay fotsiny aza no voarainao anio, dia efa zava-dehibe tsy voavidy vola ama-nkarena eo amin'ny fiainam-panahiniao izany.

c) Mampiasa ny zavatra rehetra entiny mamonjy Andriamanitra

Fomba fiasan'Andriamanitra, ry havana, ny mampiasa olona, na mampiasa ny zava-boahary nohariany ho entiny manatanteraka ny famonjena ny vahoakany. Hain'Andriamanitra ny mampiasa ny zavatra rehetra ho fitaovana eo am-pelatanany hanatanterahany ny famonjena ny

vahoakany. Fitaovana iray teo am-pelantanan'Andriamanitra i Mosesy, nentiny namonjy ny Zanak'Israely tamin'ny fikasan'i Farao hamerina azy ireo ho amin'ny fanandevalozana na fandringanana. Miteny mivantana amin'i Mosesy Andriamanitra : « *Ary Jehovah niteny tamin'i Mosesy ka nanao hœ: Lazao amin'ny Zanak'Israely mba hivily izy ka hitoby eo akaikin'i Pi-hahirota, eo anelanelan'i Migdolasy ny ranomasina; eo akaikin'i Bala-zefona, dia tandrifiny, no hitobianareo, eo amoron'ny ranomasina.* » (Eksodosy 14:1-2) Ary dia anjaran'i Mosesy indray avy eo ny mampita izany baikon'Andriamanitra izany amin'ny vahokan'Andriamanitra. Matetika dia tsy mora ny mampita ny baiko na ny hafatra avy amin'Andriamanitra nefo tsy maintsy ampitaina satria avy amin'Andriamanitra. Ankoatra an'i Mosesy, dia fitaovana iray nampiasain'Andriamanitra tamin'ny hamonjena ny Zanak'Israely ny tehiny, ilay tehina, fitondran'i Mosesy miandry ondry, fony izy mpiandry ondry aman'osin'ny rafozan-dahiny Jédro. Io ilay tehina tonga bibilava rehefa nasain'ny Tompo natsipy tamin'ny tany tao Horeba, teo amin'ilay roimemy (Eksodosy 4,3). Nasain'Andriamanitra nentin'i Mosesy nanaraka azy io tehina io entiny manao famantarana avy amin'Andriamanitra, araka izay voasoratra eo amin'ny Eksodosy 4, 17: « *Dia ho entinao eny an-tananao io tehina io, izay hanaovanao ireo famantarana ireo.* » Nampiasain'ny Tompo tamin'ny alalan'i Mosesy ilay tehina ho tonga fitaovana eo am-pelantanany hamonjena ny Zanak'Israely. Hoy ny baikon'Andriamanitra eto : « *Ary aingao ny tehinao, dia ahinjiro ambonin'ny ranomasina ny tananao, ka saraho ny rano, dia handeha hamaky eo afovoan'ny ranomasina mandia ny tany maina ny Zanak'Israely.* » (Eksodosy 14:16) Ry havana, maninona moa no tsy ny tanan'i Mosesy fotsiny no nasain'Andriamanitra nahinjitra tambonin'ny ranomasina, fa naninona tsy maintsy ningaina koa ilay tehina ? Nomena an'i Mosesy io tehina io ary ampiasainy, ho famantarana hita mason'ny fahefan'Ilay Andriamanitra Tsitoha omeny an'i Mosesy (Il est le symbole de l'autorité divine). Koa rehefa ingain'i Mosesy ilay tehina, dia midika fa tsy hery na fahefana avy amin'i Mosesy no hanaovany izao fahagagana izao fa hery sy fahefana avy amin'Andriamanitra. I Mosesy dia fitaovana fotsiny ihany, i tehina io dia fitaovana ary marika fotsiny ihany, fa ny teny manao ny fahagagana dia Andriamanitra.

Tsy izany ihany fa nampiasain'Andriamanitra ny zava-boahary ho fitaovana eo am-pelantanany nentiny hamonjena ny Zanak'Israely. Ny zava-boahary nampiasan'Andriamanitra tetra dia ny ranomasina sy ny rivotra, ny tany maina, ny afo, ny rahona. Tsy vao sambany akory tetra Andriamanitra no nampiasa ny zava-boahariny, nataony ho fitaovana hamonjena ny vahoakany. Nampiasa ny zava-boahariny Izy tamin'ireo loza 10 tany Egypta. Tamin'ny safodrano tamin'ny andron'i Noa, dia nampiasa ny rano Andriamanitra nentiny nandringana ny nofo rehetra heniky fahotana. Ny an'i Samsona aza, ny valanoram-boriky no tonga fitaovana teo am-pelantanan'Andriamanitra nentiny nandringanana arivo lahy araka izay hita ao ao amin'ny Mpitsara 15,15 : « *Ary nahita valanoram-boriky vaovao izy, dia naninjitra ny tanany naka azy, ka iny no namonoany arivo lahy.* » Ny an'i Davida, vato no nataon'Andriamanitra fitaovana teo ampelan-tanany nandreseny ny fahavalony, dia ilay Goliata olona goavam-be. Hoy ny voalaza : « *Toy izany no nandresen'i Davida ilay Filistina tamin'ny vaton'antsamotady, fa namely ilay Filistina izy ka nahafaty azy, ary tsy nisy sabatra teny an-tan'an'i Davida.* » (1 Samoela 17:50) Tsaroana eto ny tenin'i Apostoly Paoly

ao amin'ny **Romana 8,28** manao hoe : « *Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miaramiasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.* »

Ry havana, Ilay Andriamanitra Mpamony dia Andriamanitra mifehy sy mibaiko ny zavatra rehetra. Noho izany na dia ny zava-boahary noforoniny aza dia hainy ny mifehy sy mibaiko azy hahatanteraka ny famonjena ny olony (Dieu contrôle et commande tout pour le salut de son peuple). Ry havana, izany Ilay Andriamanitra Mpamony. Hainy atao ho tonga fitaovana hamonjy anao ny zavatra rehetra, hatramin'ny zava-boahariny aza. Koa ny olona izay manana an'Andriamanitra ho Mpamony azy dia tsy tokony banana ahiahy amin'ny zavatra rehetra, tsy tokony hatahotra eo anoloan'ny fahavalony. Ampiasain'Andriamanitra entiny mamonjy anao ny zavatra rehetra satria tiany ianao ary tiany ho voavonjy ianao.

Fehiny

Nisy fianakaviana kristiana iray mipetraka any Indonesia. Nanapa-kevitra ny fianakaviana fa handeha hanao fetin'ny Noely sy faran'ny taona any Singapour ary handeh fiaramanidina Air Asia. 10 mianaka ry zareo no hijaraka handeha ka 5 amin'ireo dia ankizy. Ari Putro Cahyono no anaran'ny raim-pianakaviana. Amin'ny 7 ora sy 20 no ora voatondro tao amin'ny billet n'izy ireo fa fiaingana. Tamin'ny 5 ora maraina no nahatongavan'izy ireo teny amin'ny seranam-piaramanidina. Tsy tafaraka ny fahatongavan'izy 10 mianaka teo amin'ny seranana saria tamin'ny fiarakodia 2 samy hafa. I Ari Putro sy ny zaodahiny no tonga mialoha teo. Tsy fantatra izay nitranga tamin'ireo ankohonany nandeha tamin'ny fiara faha 2 fa tara ny fahatongavan-dry zareo. Teo am-piandrasana ny fianakaviany izay tara dia hitan'izy mirahalahy tsara ny fahatongavan'ireo olona hafa koa tara nifanesika hamonjy ny fiaramanidina. Nifampiraharaha tamin'ny tompon'andraikitra izy mirahalahy ny ahafahany mandeha amin'ny fiaramanidina manaraka. Raha mbola sahirana mikarakara ny fahazoana billet ho an'ny fiaramanidina manaraka ry zareo tao amin'ny seranam-piaramanidina Surabaya Indonésia, tamin'ny 9 ora maraina tamin'izay fotoana izay, dia nampitaina ny vaovao fa nanjavona ny fiaramanidina Vol QZ8501 an'ny Air Asia, ilay fiaramanidina tokony ho nandehanany. Hoy i Christianawati, renim-pianakaviana, hoe : Izany no fanomezana Noely tsara indrindra nomen'Andriamanitra ho anay. Olona 10 novonjen'Andriamanitra maimaim-poana noho ny fahasoavany. Na tiana na tsy tiana dia nisy asan'Andriamanitra mahagaga tao, izay niasa tamin'ny fomba tsy takatry ny saina, nibaiko ny zavatra rehetra ka nahatonga ireo nandeha tamin'ny fiarakodia faharoa ho tara, ary tsy nahafahany nandeha tamin'ilay fiaramanidina nianjera, nahavoavonjy olona, fianakaviana iray manontolo.

Ry havana, Andriamanitra Mpamony ny Andriamanitao. Andriamanitra mifehy sy mibaiko ny zavatra rehetra. Manana ny planina manokana ny amin'ny famonjena anao Andriamanitra, ary tsy misy n'iza n'iza mahasakana izany planin'Andriamanitra ny amin'ny famonjena anao izany. Nahavita namonjy ny Zanak'Israely teo am-pelantanan'i Farao teo amin'ny ranomasina mena Izy. Nahavita namonjy ny fianakavian'i Ali Putro tsy ho ringana tamin'ny lozam-piaramanidina Izy. Hain'Andriamanitra koa ny mamonjy anao amin'ny fahavalonao,

amin'izay manenjika anao, amin'ny aretinao, amin'ny olanao. Ny zava-dehibe tsy tokony hadinoinao dia izao : Efa vitan'i Jesoa ny famonjena anao, tamin'ny nanolorany ny tenany ho faty teo ambony hazo fijaliana. Ny anjaranao dia ny mandray fotsiny sisa Ilay famonjena, ny mandray an'i Jesoa Kristy ao am-ponao sy eo amin'ny fiananao. Ny angatahin'ny Tompo aminao dia ny matoky tanteraka Azy, n'inona n'inona mitranga eo amin'ny fiainanao. Izao ny tenin'ny Tompo tamin'ny Zanak'Israely teo amin'ny ranomasina mena ary teny omeny anao manokana anio koa : « *Ary hoy Mosesy tamin'ny olona: Aza matahotra ianareo, mijanòna, fa ho hitanareo ny famonjen'i Jehovah, izay hataony ho anareo anio; fa ny Egyptiana, izay hitanareo anio, dia tsy ho hitanareo intsony mandrakizay. Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina.* » (*Eksodosy 14:13-14*). Aza matahotra, ry havako, fa Jehovah hiady ho anao. Fa Mpamonjy Izy. Amena.

RANDRIAMANANTSOA Zozo, Mpitandrina
Nice, 16 Novambra 2016